Fampianarana 3
**Lotoina amin'ny kajikajy politika koa**

TIM Vavatenina 2
**Nanampy ireo may trano tany Tanamarina**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 13 jona 2023 Laharana 1444 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Haino aman-jery 6
**Lavo ny andrarezina Jean Louis Rafidy**

Manaraka, Farafangana, Vangaindrano 2 4 8

# Tsy hamaly faty ireo nandoro fananana aho, hoy ny filoha Ravalomanana





Miala Rajoelina 2

## Fitondrana tsy matotra sy peta-toko no misy

**J - 88**

Fifidianana 3

## Tokony hatao amin'ity taona ity vonona ny CENI hoy ny filohany




USAID Amerikana sy mpitsara 6
**Miara-miasa amin'ny ady amin'ny kolikoly sy fanondranana bibidia**

Varotra sy fanjifana 7
**Fetin'ny Ray milay miaraka amin'ny Baolai**

Daka kely



Toa felaka tehamaina no azon' ialahy tany amin'ny Renimalala tany ry Boaikely a !

**MANARAKA, FARAFANGANA, VANGAINDRANO**

# Tsy hamaly faty ireo nandoro fananana aho, hoy ny filoha Ravalomanana

Tontosa ny sabotsy sy omaly alatsinainy ny kongresim-paritry ny antoko TIM tany amin'ny faritra Fotovinany, tao Manakara, sy Atsimo Atsinanana, tany Vangaindrano ; tontosa toy izany koa ny fihaonamben'ny avy amin'ity antoko ity tao Farafangana ny alahady hariva teo. Fahombiazana amin'ny ankapobeny ireo hetsika 3 ireo, feno avokoa ny tao an-trano nanatanterahana izany, nisy ireo tsy tafiditra nihaino tany ivelany. Anisan'ny nasongadin'ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM nandritra izany fa : « Kristiana aho, ka tsy hamaly faty ireo nandoro avion teto Farafangana, tsy hamaly faty ireo nandoro fananana. » Fanontaniana nipetraka tamin'ny filoha Marc Ravalomanana tao Farafangana izany. Ny filoha lefitry nasionaly ny TIM ao Fianarantsoa, ny dokotera Elysé Zanabahoaka dia nilaza fa : « miangavy anao zahay eto amin'ny faritany Fianarantsoa Prezidà hilatsaka hitantana ny firenena, satria faritany tena mijaly izahay eto Fianarantsoa. »

Hafa avao Manakara hoy Pasitera Tsarahame Edouard, filoha lefitra nasionalin'ny RMDM. Mila apetraka any amin'ny Tranobe tokony hisy azy ny filoha Marc Ravalomanana dia ny fitantanana ny firenena indray . Misy ny ohabolana Malagasy milaza hoe aleo mifanena amin'ny mpamosavy toy izay mifanena amin'ny mpandainga. Mbola ratsy lavitra noho ny ataon'ny mpamosavy ny mpandainga . Koa mivavaka ho antsika Malagasy aho hoy izy, mba tsy hifanena amin'ny mpandainga intsony. Tsy hiverina hoitondra ny Malagasy intsony ny mpandainga. Ny solontenan'ny tantsaha tao Fitovinany avy any Ikongo dia nanambara fa : « tamin'ny andronao Président dia voafehinao ny resaka fambolena . Afa-pahasahiranana izahay tantsaha tamin'izany. Ataoko mora ny vary hoy ny mpitondra amin'izao nefa tsy hita akory izany . Mijaly izahay any Ikongo Président fa mba vonjeo, » hoy ny nolazainy. Nanamafy izany koa ny depiote teo aloha sady efa ben'ny tanàna teo aloha tany Ikongo : Lalanirina Brigitte : « maro ny zavatra vitanao Président. Anisan'ny nampisongadina an'Ikongo ny filoha Marc Ravalomanana. Izay nangatahina tamin'ny fitondrana Ravalomanana dia azonay tao Ikongo daholo . Azo nandehanana tsara ny lalana tamin'ny fitondrana Ravalomanana. Miantso anao izahay Président hanavotra ny firenena indray, » hoy izy. Niarahaba ny filoha Marc Ravalomanana ny solontenan'ny TIM Distrika Manakara, nandray ny filoha Marc Ravalomanana. Tsy mbola nisy mpitondra Fanjakana nanala baraka ny Malagasy raha tsy tamin'ity fitondrana ity. Raha tsy misy ny fahavitantena ara-tsakafo dia tsy misy raha manjary eto Madagasikara . Dada no antenainay hanavotra anay, milatsaka ianao Président fa ianao ihany no hahafaka ny jalinay, » hoy ity filohan'ny DisTIM Manakara ity. « Manao ny fomba etsy sy eroa hanakorontanana ambony ambany tsy ahatongavana amin'ny hisian'ny fifidianana ny sasany . Hatramin'izao mbola mampanantena tsy misy hatrany ny mpitondra .

Mirotsaha ianao Prezidà



*Hatrao anatiny ka hatrany ivelany, maro ireo niatrika ny kongresim-paritry ny TIM tany Vangaindrano.*

Mila miverina amintsika ny fahefana, mba tsy hiverenan'reo mpandainga ireo, » hoy ny depiote Mamy Rabenirina . Samia miomana, entano ny rehetra handray anjara amin'ny fifidianana, hoy ihany ity olomboafidy avy ao Ambohidratrimo ity. « Tsy vitan'ny andrakandrana intsony ny fitondrana ny firenena, » hoy kosa ny depiote Gerry Randriambolaina voafidy tao Avaradrano. Ankoatra izany, nihaona tamin'ny solontenan'ireo tanora tao Manakara Be ny filoha Marc Ravalomanana : ny tanora no Firenena androany, ny tanora no Madagasikara ankehitriny kanefa tsy afaka mitondra fampandrosoana izy ireo raha tsy manana asa sahaza, ny maha olona sy ampy fiofanana, hoy i Dada nandritra izany. Ny Reg-TIM faritra Atsimo Atsinanana, Andriamatoa Donazy kosa dia nilaza fa :; « ohatra ny tsy misy Ray amandreny zahay Président amin'izao fitondrana izao. Tapaka ny jiro, tsy mandry fahalemana ny tanàna. Miasa ny tanora tamin'ny andronao. Manantena anao zahay Président ary mitodika amin'ny vahoakan'ny faritra Atsimo Atsinanana amin'ity, mba hahay hifidy ny olona hapetraka hitantana ny firenena.» « Ao aorianao hatrany zahay Ampanjaka eto Farafangana Andriamatoa filoha Marc Ravalomanana, » hoy ny solontenan'ny Ampanjaka tao amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Atsinanana. Ny solontenan'ny tanora tao Farafangana koa dia nanoritra fa : « betsaka ny vitanao taty aminay Président raha tsy hiteny afa-tsy ny lalana fotsiny : 300 km ny vitanao taty nefa ianao tsy nitokana izany. Ny sasany 20 km dia efa mi-werawera . Nahazo kit scolaire tamin'ny andronao tsy nisy fanavakavahana. Tsy nataonao ambaninjavatra ny lafiny fanabeazana. Ny fambolena tsy nataonao ambaninjavatra, zany no tena ilain'ny vahoaka. Mirotsaha ianao Président hanavotra anay, vonjeo zahay Président, » hoy izy. Nampahatsiahy kosa ny sekretera jeneralin'ny TIM Rina Randriamasinoro fa : « taom-pifidianana ity taona ity, mila hamafisina ny firaisankina hahazoantsika ny fandresena. Mila olona isaky ny fokontany sy ny kaominina hahafahantsika miaro ny safidintsika, » hoy Rina.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy fakafaka

Miala Rajoelina. J- 88

## Fitondrana tsy matotra sy peta-toko no misy

Fitondrana peta-toko no misy eto amintsika amin'izao fotoana. Noho izany tsy maintsy tokony hiala Rajoelina afaka 88 andro, na J- 88. Arak'izany lohateny izany dia fitondrana tsy matotra amin'ny lafiny maro no manakoako eny rehetra eny tao anatin'izay 4 taona mahery nitantanany ny foirenena izay raha atao indray mijery. Ny hoe tsy matotra tian'ireo izay sendra anay avoaka dia ny fotoana nitantanana nefa tsy mba taitra am-boalohany fa aty amin'ny farany, vao mampandry adrisa ny rehetra, satria mbola te-hamikitra amin'ny seza hatrany. Tsy hita mazava ny fahaiza-mitondra ny firenena sy ny mponina ao aminy, fa dia mbola manilika ny tsy fahaiza-manao tamin'ireny toetr'andro ratsy ireny ohatra, na ireny fisian'ny areti-mandoza eran-tany sy ny fifandonana ukrainian sy rosiana ireny. Tao anatin'izay fotoam-pitondrana izay, dia efa in-4 no nitsidika an'i La Frantsa Rajoelina, ka ny voalohany dia ny 29 mey 2019 izay fisantarana ihany raha ny akom-baovao voaray, nefa teo dia nahakivy ny maro sahady noho izy nandeha tsy nanao veloma, tonga tsy niarahaba, tsy nitondra izay voandalana mety sy mazava, ary ny faharoa dia ny 27 aogositra 2021, izay niteraka resabe sahady noho izy tsy mba notsenaina tamin'ny alalan'ny Tapis mena, ka lasa matsatso ihany raha atao in-dray mijery. Ny faha-3 dia ny 29 aogositra 2022 mbola tao amin'ny lapan' i Elysée hatrany toy ny nataony tamin'ny zoma farany teo, izay nambaran'ny maro fa mbola fihaonana adin'ny iray manokana teo aminy sy ny filoha frantsay hatrany, nifantoka tamin'ny fiaraha-miasa aratoe-karena sy ara-diplomatika nefa dia tsy ara-panjakana na ofisialy mazava raha ny akom-baovao miparitaka. Tsy matotra hoy hatrany ny feo voaray satria, efa aty aorian'ny fanisam-bahoaka mikasika ny fotoam-pifidianana indray vao manangana ny faritra faha-24, izay azo inoana fa hanimba ny lisitra mazava efa vitan'ny Ceni izany, lasa miovaova ny manerana ireo fokontany sy kaominina ary distrika ao amin'ireo 23 hita mazava. Peta-toko tokoa satria toa izay ambarany amin'ny kabary tsy voahevitra, dia heveriny fa mampandroso ny firenena avokoa. Raha fintinina dia vonjy tavanandro sy fomba enti-mamikitra seza hatrany no misy sy atao, sady fampielezan-kevitra diso fipetraka sahady, raha ny akom-baovao voaray, fa tsy misy mba ho tombontsoa mazava, ary tsy mahalala izay politikan'ny kibo tokony hatao ihany koa izao fitondrana Rajoelina izao.

**Beharo**

TIM Vavatenina

# Nanampy ireo may trano tany Tanamarina

Nitondra ny voatsirambin'ny tanany, nanampy ireo mponina may trano tany Tanamarina ny antoko TIM, any amin'ny distrilkan'i Vavatenina faritra Analanjirofo. aisehoany haintrano ny herinandro teo tao Ambalakondro Kaominina Tanamarina , Distrikan'i Vavatenina . Manoloana izany dia nanolotra izay voatsirambin'ny tanany : kojakoja an-dakozia samihafa ny ekipan'ny TIM Vavatenina notarihin' Andriamatoa FLAVIEN. Fanaon'ny avy amin'ity antoko ihany koa ny manatanteraka asa sosialy toy izany.

**Stefa**



*Hetsika sosialy nataon'ny TIM Vavatenina, ho an'ireo may trano tany an-toerana.*

Ambodimita Ambohimanarina

# Lalana 100 m no vita niarahana tamin'ny depiote Todisoa

Mitohy hatrany ny asa sosialy sy fampandrosoana ataon'ny depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM, ao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry, na nambarany aza fa tsy mpanao foto-drafitrasa toy ny lalana ny solombavambahoaka, fa manao lalàna. Lalana mirefy 100m indray, no vita tao Ambodimita Ambohimanarina, vola am-paosy madiodio avy amin'ny depiote no nanaovana azy. Araka ny fanamarihan'ity olom-boafidy ity : lalana nalama, feno fotaka, kitoatoana tsy ahafahana nitaona vokatra sy nifamezivezy ary nampiejera vahoaka no nisy teo taloha tamin'izany lalana namboarina izany. « Tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy. Manentana ny mponina mba hikolokolo sy hanaja ny fotodrafitr'asa vita, » hoy ny depiote Todisoa.



*Ilay lalana vita ao Ambodimita Ambohimanarina.*

**Stefa**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Lotoina amin'ny kajikajy politika koa ny fampianarana

Raha misy olom-pirenena sarotiny amin'ny fahadiovan'ny seha-pampianarana dia tokony ho taitra avokoa tamin'ny zava-nitranga tamin'iny herinandro lasa iny. Nolotoin'ny fitondram-panjakana indray mantsy ity seha-pampianarana efa rakotry ny olana ity, tamin'ny fampidirana resaka politika. Efa tsy hita aza izay andraràna ny fitondrana amin'ny fanasàna ny sain'ny mpianatra amin'ny resaka politika amin'ny fanapahana ny fianaran'izy ireo, ka terena hanatrika lanonam-panjakana samihafa tamin'ny toerana samihafa. Nisy teto tato anatin'izao fitondrana Rajoelina izao izany. Izao indray vao tamin'iny herinandro lasa iny, ny minisitry ny fanabeazam-pirenena mihitsy teny Andohatapenaka no nampiditra resaka politika amin'ny sehatry ny fanabeazana. Amin'izay indray, ireo mpampianatra Fram vao nampidirina ho mpiasam-panjakana no anaovana karazan'ny fanerena ambadika mba hifidy an-dRajoelina amin'ny fifidianana. Fandotoana ny seha-pampianarana tsotra izao ireny nataony ireny, izay niaraha-nandre tsara tamin'ny fampitam-baovao haino aman-jery. Maninba ny seha-pampianarana sy ny fanabeazana ny fampidirana resaka politika na dia kely fotsiny, eny na dia atao ankolaka aza ny filazana azy. Niaraha-nahita tsara ihany koa, ohatra, ny nanjo ny sehatry ny baolina kitra tamin'ny Barea, vao nidiran'ny politikan-dRajoelina.

Io resaka kajikajy politika ataon'ny olon'ny fitondrana Rajoelina io amin'ny sehatra samihafa atrehiny, toy iny lafiny fanabeazana iny, no mahatonga ny firenena ho tonga amin'izao toerana misy azy izao. Firenena sy vahoaka fadiranovana mena-mitaha amin'ny firenen-kafa no misy. Mazava ny ohatra nataon'ny Banky iraisam-pirenena ny amin'ny fampitahana ny fandrosoan'i Madagasikara miohatra amin'ny fihazakazahan'ny fandrosoan'i Rwanda tarihin'i Paul Kagame, ilay hoe: afaka 70 taona vao hahatratra amin'ny misy an'i Rwanda ankehitriny i Madagasikara. Afaka izany taona izany, tsy efa lasa lavitra dia lavitra indray ny olona? Mpitondra tsy tonga saina amin'ireny teny ireny, efa tsy hay intsony izay ilazana azy. Lotoina amin'ny resaka politika sy kajikajy politika ihazonana seza izay atao rehetra. Mazava loatra, tsy hahavanona ny firenena izany ary tsy hampisandratra azy velively. Mbola sahiran-tsaina aza ny maro amin'izay hitranga eto amin'ity firenena ity amin'ny resaka fifidianana, izay hotanterahina eto manoloana ny toejavamisy amin'ny fikarakarana sy ny fanomanana izany.

Ity fitondrana Rajoelina ity dia mpiziriziry amin'ny heviny na dia iaraha-mahita izao aza fa hevi-diso. Ny fomba fitantanana toy izany anefa dia mitondra ny firenena mankany amin'ny fikorosy fahana, dia izao iaraha-mahita tsara sy iaraha-miaina izao ny vokany.

***Sôh'son***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Tsy avela ho potika sy ho rendrika ny firenena

Tsy misy olom-pirenena velively izay mikasa hanao hetsika fanehoan-kevitra momba ny fiainam-pirenena sy ny zava-misy iainan'ny vahoaka, ka hihevitra izay hahapotika sy tsy hampandroso ity firenena ity. Fa ny tanjon'izy ireny dia izay hahatsara sy hahasoa ny firenena sy ho fitsinjovana ny hoavin'ny taranaka any aoriana. Ny olana sy manahirana anefa ankehitriny, izay manao izany dia iharan'ny sakantsakana amin'ny endriny maro samihafa na mivantana na ankolaka. Indraindray aza miafara amin'ny fisamborana sy fampidirana am-ponja mihitsy. Hoentina ho aiza ary hizotra mankaiza ity firenena ity?

Niha- nahazo vahana teto amin'ny firenena ny endripaharatsiana maro samihafa ary tonga hatrany amin'ny habibiana mihitsy. Tsy midika ve izany fa misoka ao anaty haizina miandalana ny firenena? Misy ny manao ohatra ny mitranga eto amin'ny firenena amin'ny fanoharana ny nitranga tamin'ilay sambo lehibe Titanic izay nidona tamin'ny bolongan-dranomandry lehibe ny taona 1912. Ny vokany nitriatra ny sambo ary ny niafaràny vaky sy nilentika mihitsy ary nahafaty olona hatrany amin'ny manodidina ny 1500. Tsy avy dia nilentika ilay sambo, fa niandalana ny faharendrehany. Sanatriavina, tsy ho tonga amin'ny toy izany ny firenena. Rehefa mijery ny zava-misy eto amin'ny firenena ankehitriny anefa dia sahirana ihany ny sain'ny olompirenena saropiaro amin'ity firenena ity, noho ny fitiavany ny tanindrazany. Manjaka ny fahalovana toy ny kolikoly sy ny tsy fahatomombanana maro samihafa. Voahitsakitsaka ny rariny sy ny hitsiny ary indrindra ny fahamarinana. Mitaky fanovàna lasitika na lasintsaina lalina izany eo amin'ny mpiray firenena manontolo. Manao ezaka amin'izany ny vondron'ny kristiana resy lahatra ny amin'ny tsy fetezany mitazam-potsiny intsony, fa tsy maintsy mandray andraikitra eo anivon'ny fiaraha-monina. Anisan'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), izay manao ho adidy lehibe amin'ny fanatanterahana ny Vinan'Andriamanitra ho an'ny firenena, dia ny hisandratany izany. Efa aman-taonany maro no nisian'izany, fa isika no tsy nihaino Azy, hoy ny AFK. Fotoanany araka izany izao, fa tsy avela ho potika ny firenena. Ny hany andrasany, dia ny fijoroan'ny olom-pirenena ho sahy hitondra ny anjara birikiny, ka hiara-hientana aminy. Fifandraisana : 034 17 460 53.

***Aris***

**FIFIDIANANA**

# Tokony hatao amin'ity taona ity, vonona ny CENI hoy ny filohany




*Ireo avy amin'ny biraon'ny CENI.*

Tokony hatao amin'ity taona ity ny fifidianana filohampirenena eto amintsika, azo lazaina ho efa vonona ho amin'izany ny CENI : vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana, hoy ny filohany Dama Andrianarisedo. Nanamafy izany ny tenany ny faran'ny herinandro teo teny amin'ny foiben-toerany Ivandry. Azo lazaina ho efa hahafahana hiatrika izany ny lisi-pifidianana, vonona ara-tsaina ho amin'izany koa ity rafitra mpikarakara sy mpanomana fifidianana ity, ny vinan'ny daty hanatanterahana izany rahateo efa navoakan'izy ireo : ny 9 novambra ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana filohampirenena ary ny 20 desambra 2023 ny ho fihodinana faha-2. Na eo aza ny indro kely arabola, sy ny mbola tsy amoahan'ny governemanta ny didim-panjakana manaika ny mpifidy hanefa ny adidiny, azo lazaina ho vonona hisedra ny hanaovana izany fifidianana izany ny eny Alarobia. Ny mpamatsy vola ihany koa misy amin'izay ny nilaza fa hanohana ara-bola, handrotsaka ao amin'ny « basket fund », hanohanana ny fanaovana izany fifidianana izany, ny faran'ny herinandro teo no nilaza ny fahavononany ny Frantsay, heverina fa hanao izany avokoa amin'izay ireo mpiara-miombon'antoka sy mpamatsy vola hafa.

Ankoatr'izany, nototontosaina ny zoma teo, tety amin'ny foiben'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana (CENI), ny famelabelarana ny valin'ny fitsirihana ny lisitry ny mpifidy ( audit du fichier electoral), izay nataon' ireo manam-pahaizana malagasy avy amin'ny Antoko politika : Tiako i Madagasikara ( TIM ), sy avy amin'ny firaisamonim-pirenena : Hetsika Fampiraisana Kristiana ho an'ny Firenena (HFKF), teo anatrehan'ny Comité ad' hoc, ahitana solontenan' ny fiaraisamonimpirenena sy ny mpanao Politika, ny Birao maharitry ny CENI, sy ny Tonia mpanantanteraka.

Izao fitsirihana izao no natao, mba hisian'ny fifampitokisana ka hananana lisitry ny mpifidy azo antoka hampisy fitoniantsaina.

Miisa 10.678.852 ny olompirenena voarakitra ao amin'ny fitahirizana ny antontan'isa eo anivon'ny CENI hatramin'ny faha 05 ny volana jona, ka 57.012 no nahitana tsy fahatomombonana mbola hitondrana fanitsiana.

Miisa 29.144 ny anarana ahiana ho niverimberina ( mitovy ny laharan'ny karapanondro, anarana sy fanampiny, daty nahaterahana, ray sy reny) izay mety ho vokatry ny fifindra-monina na antony hafa, ka hitondrana fanamarihana sy fanitsiana.

Efa voarain'ny CENI avokoa ny tolo-kevitra (recommandations) samihafa avy amin'ny mpitsirika ary misy ny efa notanterahina avy hatrany ny fanitsiana, indrindra ny mahakasika ireo fomba fanamafisana ny fitahirizana ny antontan'isa (protection et sécurisation de la base des données ). Ampahany ihany ity fitsirihana notontosaina ity, fa mbola hanara-maso ny fanatanterahana ireo sosokevitra ireo ny mpitsirika.

Nanambara ireo mpisehatra amin'ny fifidianana nanatrika ny famelabelarana, fa nanala ny ahiahin'izy ireo ny valin'ny fitsirihana izay natao.

Nofaranana teny anivon' ny Disitrika tamin'ny faha-10 ny volana jona ny lisitry ny mpifidy ary mbola haverina eny anivon'ny Fokontany hanaovan'ny olompirenena fanamarihana ary manana 20 andro ny olompirenena tsy mbola tafiditra hisoratana anarana aorian'ny fampahafantarana izany lisitra izany eny anivon'ny Fokontany.

Hisy ny fihaonana amin' ny mpanao Gazety hataon'ny CENI, hitondrana fanazavana mahakasika ny antsipiriany anio talata 13 jona amin'ny 10 ora maraina eny amin'ny foiben'ny CENI Alarobia.

***Isambilo***

## TONONKALO

### Haninona ao frantsa indray ?

Heno fa nandadilady hihazo an'i Frantsa indray
Ilay tompondaka mampihomehy , malaza be any aminay.
Inoana fa hangata-bola sy hitady fanohanana,
Izay no tena foto-diany mialoha ny fifidianana !

Sady heveriny ihany koa fa hampisandratra azy indray,
Ny fihaonany amin'ny ngezalahy toy ny filoha frantsay,
Ka indro dodona sy maika ity lay tia mirehareha,
Fa efa tena mahatsiaro ho tapi-dalana haleha !

Be no tezitra avy hatrany raha vao nahare izany.
« Angaha i Madagasikara haverina ho zanatany,
No dia ao Frantsa indray i Tompondaka no handady,
Angaha tsy nahavaha olana ny nisondrotany girady ? »

Sao ny «nosy manodidina » no tetehiny hamidy
Sy hahazoana vola betsaka hanambazana mpifidy ?
Sa dia inona indray no tetikady izay ketrehina,
Noho ity ilay « sambo foza » eo an-dalam-pilentehana ?

Raha vao Lafrantsa mantsy no kasaina hiantsampazana,
Dia efa maro ireo vahoaka no indro fa mihidy vazana,
Fa miverina ao an-tsainy irony androm-panjanahana,
Nanagiazana ny gasy tsy mba hanam-pahafahana !

...Ka dia asa a i Tompondaka raha hamitsoka indray
Sy sahy hiteny hoe Lafrantsa no indro nandohalihanay,
Hamatsy vola eto amintsika sady hanampy ny eo an-tanana,
Fa raha tsy izany tsy azo antoka ny hisian'ny fifidianana !

***TSIMIMALO (11-06-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ny solontenana tanora tany Manakarabe faritra Fitovinany ny sabotsy teo.





Ny filoha Marc Ravalomanana, niara-niombom-bavaka tamin'ny mpino, tao amin'ny FJKM Manakara Fiderana.





Ny filoha Marc Ravalomanana nanatrika ny kongresim-paritry ny TIM Fitovinany, tao amin'ny Lycée FLM Manakara ny sabotsy teo.











## NY TENY FIAINANA

*"Raha mandray ny fanambaran'ny olona isika, lehibe lavitra ny fanambaran'Andriamanitra; fa ny fanambaran'Andriamanitra dia ny nanambarany ny Zanany."*
***I Jaona 5:9***

### ½-DALANA "ORANGE PRO-LEAGUE 2022-2023"

# Mahagaga tsy nisalotra ny ankanjo "orange" ny Fosa Juniors

Lavon'ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc Boeny tamin'ny isa 3-1, ny ekipan'ny Ajesaia Bongolava, tamin'ny alahady 11 jona 2023 teo, tetsy amin'ny kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass", teo amin'ny ankatoky ny famaranana mandroson' ny fifaninanana "Orange Pro-League 2022-2023 (baolina tafiditr'i Vévé (16') sy Dax (43') ary Andry Max (68") no niantoka an'io fandresen'ny Fosa Juniors Fc an'ny Ajesaia io, izay nampiditra ny baolina tokana azony teo amin'ny 90' tamin'ny alalan'i Feno. Tsara toerana araka izany



*Fosa Juniors Fc tetsy amin'ny By- Pass tamin'ny alahady.*

ity ekipan'ny Fosa Juniors ity eo amin'izay mety hiakarana any amin'ny lalao famaranana, fa nandresy an-tanin'olona tamin'io lalao io. Tamin'ny sabotsy 11 jona 2023 kosa tany amin'ny kianja "Barikadimy Stadium Toamasina" dia nisaraka ady sahady 0-0 ny ekipan'ny As Fanalamanga Alaotra Mangoro sy ny Cosfa Football Analamanga. Marihana manokana fa tsy nianjaika ny ankanjo volon-doranjy mahazatra azy ireo mpilalaon'ny Fosa Juniors nandritra an'io ankatoky ny famaranana tetsy amin'ny By-Pass io ary ireo mpomba azy izay marobe foana aza no tonga manokana avy any Mahajanga dia tsy sahy nanindrahina ihany koa ny sainan'ity klioba ity miloko "orange" toy ny nahazatra hatramin'izay n'aiza n'aiza hilalaovan'ny ekipany. Mahagaga !

**Rainilita**

### Basket N1B Hommes Morondava 2023

# Ny Sbbc Boeny hatreto no nampidi-baolina be indrindra

Nanomboka tamin'ny sabotsy 10 jona 2023 lasa teo tany Morondava, ny fifaninanam-pirenenena fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023, eo amin'ny taranja Basikety baolina sokajy N1B lehilahy, izay marihana fa tsy hifarana raha tsy amin' ny faha-18 jona 2023 ho avy izao. Nisongadina teo amin'ny fahazoana isa be indrindra nandritra an'ireo andro roa voalohany (sabotsy 10 sy alahady 11 jona 2023) ny ekipan'ny Sbbc Boeny raha nihaona tamin'ny Serasera Vakinankaratra. Voka-dalao



*Basket N1B tany Morondava.*

andro voalohany sabotsy 10 jona 2023 : As Victoire Boeny (32) – (49) Ass Menabe, Génération Menabe (40) – (35) Bcr Analamanga, Bc Somava Sava (48) – (39) Bc Est Atsimo Andrefana. Vokadalao andro faharoa alahady 11 jona : Serasera Vakinankaratra (41) – (76) Sbbc Boeny, As Victoire Boeny (42) – (43) Akbb Analamanga, Ambb Analamanga (62) – (54) Bc Est Atsimo Andrefana ; Blac Atsinanana (54) – (56) 3Fb Androy, Bcr Analamanga (55) – (60) Fandrasa Matsiatra Ambony. Omaly alatsinainy 12 jona no andro faha-3 amin'ity fifaninanana ity izay nahitana fihaonana niisa 8 be izao.

**Rainilita**

### Festival des Rugbys 2023

# Azo antoka ny taninketsan'ny rugby eto Madagasikara

Azo antoka ny taninketsan'ny rugby eto Madagasikara, raha ny fampisehoana nataon'ireo ankizy misehatra sy mianatra an'ity taranja ity hatrany Toliara, ka hatraty Antananarivo, nasehoan'izy ireo tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, nandritra ny hetsika "Festival des Rugbys 2023", nokarakarain'ny Malagasy Rugby sy ny Ambasadin'i Frantsa eto Madagasikara niaraka, tamin'ny alahady 11 jona 2023 lasa teo no asian-teny. Anisan'ny antony iray nampisehoana tamin'io "Festival des Rugbys 2023" io izany trangan-javatra iray izany, hoy ny filohan'ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel, teny amin



*Festival des Rugby tetsy Andohatapenaka.*

'ny kianja Makis tamin'io andro ary antony iray hafa tena nikarakaran'ny Ambasadin'i Frantsa azy ity koa, ny fampahafantaran'izy ireo, fa horaisin'ity firenena ity ny fiadiana ny amboara eran-tany amin' ny rugby à XV amin'ny volana septambra sy oktobra 2023 ho avy izao. Fantatry ry zareo Frantsay ihany koa ny fandrosoan'ity taranja rugby ity eto Madagasikara, hoy hatrany ity filohan'ny FMR ity, ka antony iray namporisika an-dry zareo hikarakara an'ity hetsika ity koa izany, satria i Madagasikara ankehitriny no firenena voalohany aty amin' ny kaontinanta Afrikana miteny Frantsy eo amin'ity sehatry ny rugby ity. Farany dia nentina ihany koa nanamafisana ny fiaraha-miasa matotra eo amin'ny Ambasadin'i Frantsa sy ny Rugby Malagasy iny hetsika iny. Marihana fa mpikambana maro avy amin'ny fitondram-panjakana Malagasy sy avy amin'ny Ambasadin'i Frantsa, no nanotrona an'ity hetsika ity. Voka-dalaom-pirahalahiana natao tamin'ity "Festival" ity : Ftm Manjakaray 30 – 21 Tam Anosibe, Makis 2012 (36) – (30) Rcts Soavimasoandro, Makis Madagascar (57) – (22) Sélection Réunionaise .

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy anandrano indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa izany, na hatao rony. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafana natoraly amin'ny aretimpo

Fanafana natoraly amin'ny aretimpo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Makà tavoahangy dia asio hoditr' akondro dia hasio ranovelona na Eau Vive na Cristalline na Olympiko. Avela hilona ao 3 andro dia amin'ny faha-4 andro vao mifoha, misotro 1 vera . Atao mandritra ny herinandro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Saivaza distrikan' Antanambao Manampontsy faritra Atsinanana


Ny tanànan'i Saivaza distrikan'Antanambao Manampontsy faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Saivaza ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antanambao Manampontsy. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny voankazo toy ny soanambo, ny letchi, ny manga, ny ampalibe.



VALANDRESAKA TENY ANDRAHARO

# Nahavita sonia fifanarahana ny Itel sy Telma

Fantatra avy tamin'ny valandresaka hoan' ny mpanao gazety natao omaly alatsinainy 12 jona 2023 teny amin' ny "Campus Telma Andraharo", fa nahavita fifanarahana miavaka "Accord de partenariat" tamin'ny marika telefaonina Itel ny orinasan-tserasera Telma ny amin'ny hahazoan'ireo Shop Telma manerana ny Nosy mivarotra ny hiaka farany amin'ny smartphones dia ny "smartphones A60" novokarin'ny marika Itel. Tena mampiavaka an'ity "smartphone" iray ity amin'ny ankapobeny, ankoatra ny tanjany manokana (32Go de mémoire extensibe jusqu'à 18Go, 2Go de Ram) dia ny fananany vatoaratra 5000 mAh sy ny fahafahany mitahiry sary hatrany amin'ny 560 isa any ho any amin'ny alalan'ny fakan-tsariny misy ny "intelligence artificielle". Marihana fa izay mpanjifa mividy an'ity vokatra ity any amin'ireo Shop Telma rehetra manerana ny Nosy dia hahazo 2Go de Ram hifaneraserana maimaimpoana isam-bolana mandritra ny 6-volana aorianan' ny nividianany azy. Ny "smartphones A60" dia vokatra 4G voalohany novokarin'ny Itel nandritra an' izay 10 taona nisiany izay, sy 6 taona (2017) niseharany teto Madagasikara.



*Valandresaka teny Andraharo.*

**Rainilita**

Radio Feon'Imerina

# Mijoro ny birao vaovaon'ny fikambanan'ny mpankafy


*Ny birao vaovaon'ny fikambanan'ny mpankafy Radio Feon'Imerina.*

Tafajoro ny sabotsy teo ny birao vaovaon'ny fikambanan'ny mpankafy ny Radio Feon'Imerina. Feno 20 taona tamin'ity taona 2023 ity, io onjampeo tsy miankina io. Efa natomboka ny volana aprily lasa teo ny fanokafana izany fankalazana izany ary mbola hitohy mandritra ity taona 2023. Ny tompon'andraikitry ny radio sy ny fikambanan'ny mpankafy, no anisan'ny mikarakara ny hetsika samy hafa amin'izao fanamarihana tsingerintaona izao. Ho an'ilay fikambanan'ny mpankafy, filoha : Ramatoa Randriamampianina Noeline, filoha mpanampy: Aina Raherilala sy Andriamanalina Ndrema, mpitam-bola: Jean Andriamanantena sy Ramanolana William, mpitatsoratra: Razafindrasoa Mamy Julie, Razafimanantsoa Fara Adèle, Razafinjato Rianala, Rahantanirina Fara Jeanine, Razafindrakoto Ambinintsoa.

**Niaina**

UEFA Champion's League 2023

# Handeha mivantana amin'ny TVM rehefa hisolo ny minisitra

Lavon'ny Manchester City notarihan'ilay mpanazatra kalaza, Pep Gauradiola, 1-0 ny Inter Milan, teo amin'ny lalao famaranan'ny fifaninanana baolina kitra malaza sy avo lenta indrindra maneran-tany « UEFA Champion's League » andiany 2023, izay notontosaina tany amin'ny kianjan'i Istambul Turquie, tamin'ny sabotsy 10 jona 2023 teo. Sambany teo amin'ny tantara nisiany no nandrombaka an'ity amboara ity ny ekipa Anglisy Manchester City. Tsy nandeha nivantana (sambany ihany koa) tamin'ny televiziona Malagasy TVM ity famaranana ity, noho ny antony tsy fantatra na dia niandry an'izany tamin'ny fanantenana manarapenitra aza ny mpitia baolina Malagasy, fa dia nampiho-non-teny tamin'ny hoe : "Angamba rehefa hahazo minisitry ny serasera vaovao tia baolina kitra ny Malagasy vao hiverina handeha mivantana indray izany fifaninanana izany ? Marihana fa nanatrika an'ity lalao famaranana ity ilay mpanefoefo émirati, ny Cheikh Mansour bin Zayed Al-Nahyan, (fianakavian'ny mpanjakan'i Abu Dahbi), izay nividy an'ity klioba ity tamin'ny taona 2008, fanindroany tamin'io no nanatrehany lalao nataon'ity kliobany ity taorianan'ny tamin'ny volana aogositra 2010.



*TVM nandefa hetsika nivantana.*

**Rainilita**

USAID Amerikana sy mpitsara Malagasy

# Miara-miasa amin'ny ady amin'ny kolikoly sy fanondranana bibidia

Manampy an'i Madagasikara amin'ny ady amin'ny kolikoly, fanondranana bibidia an-tsokosoko ary famotsiam-bola, i Etazonia amin'ny alalan'ny tetikasa Countering Corruption and Wildlife Trafficking (CCWT), izay tohanan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID).

Amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy, ny Birao Mahaleotena Iadiana amin'ny Kolikoly (BIANCO), ary ny Sekolim-pirenena fanofanana ho Mpitsara sy ho Mpirakidraharaha (ENMG), ny CCWT dia manohana ireo mpianatra mpitsara amin'ny fanamafisana fahaiza-manao sy fahalalana ilaina, mba hamantarana ary handraisana fanapahan-kevitra ara-drariny mahakasika ny raharaha fanondranana bibidia an-tsokosoko sy ny kolikoly ary ny famotsiam-bola mifandraika amin'izany.

Tamin'ny 2 jona lasa teo dia nisy lanonana nanamarihana ny fanolorana fitaovam-piofanana teto Antananarivo, ary niarahaba ireo mpiara-miombon'antoka ny Tale Jeneralin'ny USAID/Madagasikara, Anne N. Williams, tamin'ny fandraisana anjara lehibe tamin'ny famolavolana ireo antontan-kevitra vaovao, izay hampiofanana an'ireo mpitsara amin'ny fomba fiasa sy fanenjehana ny heloka bevava momba ny tontolo iainana.

"Ny fampidirana ireo antontan-kevitra fampiofanana ireo ao anatin'ny fandaharam-pampianarana ho an'ny mpianatra mpitsara dia hiantoka, fa hanana fahalalana fototra sady mitovy ireo mpiofana mahakasika ny fitantanana ny olan'ny kolikoly, ny heloka ara-tontolo iainana ary ny famotsiam-bola eto Madagasikara", hoy i Ramatoa Williams. "Ireo olana ireo dia mitaky paikady sy valiny mirindra, izay hita taratra ao anatin'ireo antontan-kevitra fampiofanana ireo."

Ny CCWT dia tanterahin'ny consortium tarihin'ny World Wildlife Fund (WWF) ahitana ny TRAFFIC International, Transparency International – Madagascar ary ny Alliance Voahary Gasy, fikambanana Malagasy miasa amin'ny fanatsarana ny fitantanana eto Madagasikara.

Mbola olana goavana sy miparitaka manerana an'i Madagasikara ny kolikoly. Mahafaly ny mahita fa misy ireo andrim-panjakana tsy mitsahatra manohy ny ady amin'ny kolikoly na dia eo aza ny olana sedrain'izy ireo. Ity hetsika ity dia mikendry ny hanampy azy ireo amin'izay ilainy, amin'ny famahana ireo fanamby ireo ho tombontsoan'ny Malagasy rehetra.

Toy ny "mpirahalahy mianala", i Etazonia sy Madagasikara dia miara-dia mba hiarovana ny zavamananaina tsy manam-paharoa, sy ny harena voajanahary sarobidy eto amin'ny firenena amin'ny alalan'ny famatsiam-bola maherin'ny 72 tapitrisa dolara nanomboka tamin'ny 2014.

**Aly**

Haino aman-jery

# Lavo ny andrarezina Jean Louis Rafidy

Sehatry ny haino aman-jery, lavo ny andrarezina Jean Louis Rafidy. Nodimandry teo amin'ny faha-85 taonany ny alahady teo i Jocelyn Rafidinarivo, na Jean Louis Rafidy, andrarezina teo amin'ny tontolon'ny haino aman-jery sy ny asa fanaovan-gazety. Izy no nanangana ny televiziona malagasy (TVM) tamin'ny taona 1967 ary isan'ireo mpanentana fandaharana tao amin'ny Radio Madagasikara ihany koa. Filoham-boninahitry ny mpanao gazety zokiolona, na CJD izy. Teo amin'ny faha 22 taonany izy dia nahazo ny solon'anarana hoe "la voix d'or" ny Radio Madagasikara. Izy no nitantara mivantana ny lanonana fanambarana ny fahaleovantenan'i Madagasikara teny Mahamasina. Tale nitantana voalohany ny TVM. Ny fandikana ny boky amerikana "Caryl Chesman" tamin'ny teny malagasy sy ny fanatontosana azy ho tantara mitohy, ny fandaharana "Ndeha hiala voly" isaky ny alahady dia samy nahatsiarovana azy manokana ihany koa. Isan'ireo Malagasy voalohany nivoaka tao amin'ny Studio-École ny SORAFOM tao Paris izy. Efa niasa tamin'ny masoivohon'i Madagasikara tany Washington Etazonia izy ary efa talen'ny kabinetra tao amin'ny Praiministra lefitra misahana ny toekarena sy ny fitantanambola ary ny tetibola tamin'ny andron'ny Praimlinistra lefitra Pierrot Rajaonarivelo. Mirary fiononana feno ho an'ny ankohonany sy ny fianakaviany ny gazety ny Valosoa Vaovao.

**Niaina**


*Jean Louis Rafidy fahavelony.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**13/05/2023 hatramin'ny 20/05/2023**

- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:

Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1444-06-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FANJIFANA**

## Efa miparitaka amin'ny tsena anatiny ny siramamy avy any Ambilobe

Efa miparitaka amin'ny tsena anatiny eto amintsika amin'izao fotoana nyt vokatra siramamy avy any Amlbilobe faritra Diana, siramamy izay vokarin'ny orinasa Sucoma Ambilobe.
Efa misokatra ny taom-pamokarana siramamy eo anivon'ity orinasa ity, tamin'ny 5 jona 2023 lasa teo dia nanomboka ny fivarotana izany amin'ireo mpambongady manerana an'i Madagasikara.
Antenaina fa hanamaivana ny fidangan'ny vidin'ny siramamy ity famarotana ato anatiny ity. Ankoatra an'io, efa misy koa ny siramamy avy any Namakia distrikan'i Mitsinjo faritra Boeny, izay anisan'ny mamaha amin'ny ampahany ny filan'ny mponina amin'ny ankapobeny ary jifain'ireo mpambongady amin'ny vidiny 172.000 Ar isaky ny kitapo. Misy siramamy mena, misy fotsy, ireo siramamy vokatra avy any Ambilobe efa amidy ireo ankehitriny.

***Aly***




*Siramamy vokatra avy eto an-toerana.*

Varotra sy fanjifana

## Fetin'ny Ray milay miaraka amin'ny Baolai

Ao anatin' ny fanomanana ny fiatrehana ny fety maro ho avy ny eto amintsika amin'ity volana ity. Ny 18 Jona ho avy izao ohatra ny fetin'ny Ray, eo ihany koa ny fetim-pirenena ny 26 jona. Efa vonona tanteraka amin' izany rehetra izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Soarano, Analakely ary ao Bazar - be Toamasina, izay mankalaza ihany koa ny faha- 20 taonany amin' ity 2023 ity. Izay vao nahatonga machine à laver transparent ( 8 sy 9 kg). « Amin' izao volon' andro fety izao dia misy fihenam- bidy goavambe amin'ireo fahitalavitra fisaka ato aminay misy manomboka 32 hatramin' ny 85 pouces ary ny laser tv 100 pouces (misy antoka 1 taona ). Ary hoan' ny fetin' izy ireo amin' ny Alahady hoavy izao dia hahazo fahafampo manokana ny Ray rehetra amin' ireo entana « 1er choix » izay hita ato aminay », hoy ny tompon' andraikitra. Ao ny subwoofer, Laser Tv 120 pouces (misy antoka 1 taona ), table de mixage, climatiseur, réfrigérateur ( mitazona hatsiaka 135 ora aorinan' ny delestazy), synthétiseur, four à gaz sy électrique, machine à café à capsule, miniradio baffle bluetooth solaire, panneaux solaires mono sy polychristallins, Ny antsiprian'izany rehetra izany, dia ho azo amin' ny pejy fb sy « site web »: baolai ary ao amin'ny 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia ho fety feno fifaliana amin' ity volana ity miaraka amin' ny tranombarotra « Baolai ».

***Aly***





*Entana samy hafa azo atao fanomezana ho an'ny Ray amin'ny fetiny.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 434**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0433)

***Mitsivalana***
- Paraky
- Olona – Zn
- Kavinao
- Eny – Eo
- Tatitra
- Ray – In
- Vata (miv) – Tao

***Mitsangana***
- Poketra
- Alàna
- Rovitra
- Any – Vay (miv)
- Kanety
- Roa (miv)
- Zo – Aia
- RN – Vono

## TENY MIFANAPAKA N° 434




**Mitsivalana**

**1.** Fitsinjovana **2.** Fiantsoana anao **3.** Isa omena amin'ny taranja – Oroka (miv) **4.** Fiandohan'ny lisitra – Loza mitatao **5.** Foto-tenin'ny mandroaka – Fanao amin'ny laika (BR) **6.** Sintona **7.** Nitady valiny mazava **8.** Karazana vato – Masindahy **9.** Tsy ara-potoana (miv) – Mampisafidy **10.** Azo amin'ny vary (miv) – Hazo fandrehitra

**Mitsangana**

**A.** Kilalaon-tsaina **B.** Tsirin-teny Iharana – Miaraka amin'ny basy (miv) **D.**Tanàna malaza **E.** Lalao fanatanjahan-tena (miv) – Malaina (miv) **F.** Loham-pianakaviana – Efa simba, haolo (miv) **G.** Anaty rano – Solfa (miv) **H.** Firinga - Tsy mendrika **I.** Mpanondro – Nahitana (miv) – Hita ao amin'ny vata **J.** Karazana fitafiana (miv) **K.** Lazaina mazava – Diky

### Valiny Teny mifanaraka 0433

**Mitsivalana**

1. Sambava - Lo 2. Ovaina - Hao (miv) 3. Ro(taka) - Soraty 4. Atsinanana 5. Ta - Koto - GR 6. Antitra - Ao 7. Na - Liana 8. Mey (miv) - Aloa 9. Lot(o) - Ana 10. Lahatra - Sa

**Mitsangana**

A Soratana B. Avotana - La D. Ma - Hoy (miv) E. Bisikileta F. Mitonona (miv) G. Varatra - Ar H. Anoanana I. Ota - Ala J. Lainga K. OH - Arodana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fihaonamben'ny antoko TIM tao Farafangana faritra Atsimo Atsinanana, tao amin'ny Hotel Austral ny alahady tolakandro teo.**













